conservation
formation
recherche

Blue Ventures Conservation
Andavadoaka, Madagascar
Tatitry ny Asa fikarohana, Novambre 2004 – Februoary 2005

Nitondra fivoarana betsaka tamin'ny lamin'asa fikarohana ny fotoam-pahavaratra tao Andavadoaka, hita tamin'izany ohatra ny fametrahana ilay Valan-javaboary an-dranomasina voaaro tao amin'ny Nosy Fasy - dingana iray mankany amin'ny fitantanana maharitra ny zavaboary an-dranomasina ao Andavadoaka izany.

Ny fanaraha-maso ireo akorabato an-dranomasina

Notohizana hatrany ny fametarana ny fiovan'ny korabato an-dranomasina tamin'ny alàlan'ny fitaovana fandrefesana napetraka mandavataona sy matetitetika teny amin'ny faritra anaovana fikarohana araka ny lamin'asa fikarohana ataon'i Blue Ventures, izay efa natomboka hatramin'ny volana Septambra 2004.



Ambony fig. 1. Ireo mpilatsaka antsitrapo manara-maso ilay fitaovana fandrefesana mipetraka mandavataoana ao andrefan'ny Nosy Hao

Hita ao amin'ireto faritra anaovana fikarohana ireto avokoa ireo karazana toetoetran'akorabato rehetra misy ao amin'ny faritr'Andavadoaka. Hita ao ihany koa izay toetoe-pahasalaman'ny akora rehetra ao amin'io faritra io.

Nametrahana metatra voamarika 8 ka hatramin'ny 12 teny ambonin'ny ranon'ny faritra anaovana fikarohana tsirairay mba hahitan'ireo mpikaroka mpanara-maso ireny faritra ireny rehefa manao ny asany izy ireo.

Izany no fomba mahomby indrindra ahafahana manara-maso ny toe-pahasalaman'ireo akorabato ao anatin'ny fotoana vitsivity. Ny valim-pikarohana azo avy amin'izany dia tena hanampy tokoa amin'ny famaritana ilay lamin'asam-pitantanana hampandrosoana ny faritra manontolo, indrindra indrindra fa eo amin'ny fanatontosana ny lamin'asa fitantanana ny moron-dranomasina sy ny anaty ranomasina toy ireo faritra voarara sy valan-javaboary an-dranomasina voaaro (APM) akaiky indrindra.

Ambany fig. 2. Tandahatr'akorabato sy tora-pasika ao amin'ny Nosy Fasy. Nampidirina vao aingana tao anatin'ny rafitr'asa fanaraha-maso mandava-taona ny akorabato ataon'ny BV Ity tandahatr'akora Ity . Izany dia natao mba hahafahana manara-maso akaiky ny fhasalaman'Ireo akorabato sy ny toetoetran'Izy Ireo mandritra ny taona.

Tsikaritra fa tena samy hafa mihitsy amin'ny zavaboary hita eny amin'ny vondrona akorabato mpandray vahiny ireo karazan-

javaboary anaty ranomasina hita eny amin'ilay faritra anaovana fanaraha-maso ao amin'ny Nosy Fasy. Ireo rakitra dia manamarina fa raha ny salan'isa no jerena dia mihoatra ny 10% n'ireo akora mafy eo amin'ny Nosy Fasy no voarakotra zavaboary an-dranomasina hatramin'ny 60%n'ny tampony, ary bozaka sy ahi-drano vaventy no tena betsaka amin'izany.



Ambony fig. 3, Sary avy amin'ny Zanabolana (LandSAT ETM) mampiseho ny ipetrahan'ireo toerana hanaraha-maso ankehitriny mba handinihina ireo trondro misy ao Andavadoaka.

Ny ankabeazan'ny fahasimbàna eo amin'ny tampony ambonin'ireo akorabato ireo dia vokatry ilay tranga fahafotsiana El Nino, 1998, na koa vokatr'ireo tranga matetika fahita teny amin'ny faritra Atsimo Atsinana rehetra teto an-tany tamin'ny taona 2001 sy 2002. Ireny fiovan'ny toe-pahasalaman'ny akora hita maso ireny dia manaporofo mazava tsara fa tena ilàna fanaraha-maso maharitra ny firafitry ny zavaboary rehetra any anaty ranomasina any ; ary manamafy fa tokony hanaovana ezaka manoka ny fiarovana ny zavaboary mba hiarovana hatrany ny fitobian'ny zavamanan'aina rehetra, ohatra ireo vondron'akora mpandray vahiny, izay fitobiana mbola tena salama sy mahavelona indrindra eny amin'iny faritra iny.

Ny kisary faha-4, izay mampiseho ireo valim-pikarohana rehetra natao tamin'ny volana Novambra sy Desambra, dia mampiseho karazana fivondronana zavaboary an-dranomasina tena mahavariana tokoa ary ny toe-pahasalamana ankapoben'ireo faritra anaovana fanaraha-maso maharitra tato ho ato. Tsikaritra tamin'izany asa fanaraha-mason'ny toe-pahasalaman'ireo akorabato izany àry fa raha ny salan'isa eo amin'ny firakotry ny akora no resahina dia ireo akorabato eo amin'ny faritra 007 Atsimo no tena mandray vahiny betsaka indrindra, izany hoe mihoatra ny 60%n'ny tampony.

Right, fig. 4. Graph showing benthic composition at each of the permanent transect sites, following completion of the first 'baseline' permanent benthic sample, completed during Expedition 11 in December 2004. The values shown are the average cover values for all replicate transects taken at each site. (SA=sand, OTI=other invertebrates, TA=turf algae, MA=macro algae, CYA=cyanobacteria, CCA=crustose coralline algae, DCB=bleached coral, SC=soft coral, HC=hard coral)



Ilay tampony eo amin'ny faritra 007 Avaratra dia tsy dia misy akora mafy ary tsy mandray vahiny hafa tsy latsaka kelin'ny 40%n'ny tampony. Eo afovoan'ilay vondron'akorabato mpandray vahiny dia ilay akora atao hoe THB no tsy mandray vahiny indrindra. Ireo akora eo amin'ny faritra 007 Atsimo kosa dia rakotra kokoa noho ireo avy eo amin'ny faritra Avaratra. Izany tranga mitovy toa miverimberina eo amin'ny faritra Atsimo sy Avaratra izany angamba dia mety ho vokatry ny riaka mandalo, izay manakana ny zavaboary tanora tsy hifikitra, na koa noho ny fisian'ireo karazan'akorabato mitombina eo amin'ilay faritra.

Eny amin'ny akorabato mpandray vahiny na Atsimo na Avaratry ny faritra anaovana fikarohana dia ambony kokoa ny salan'isan'akora mafy mivahiny (latsaky ny 50%n'ny tampony avy).

Eo ambany fig. 5. Tabilao mampiseho ny hafanan'ny faritra ambonin'ny ranomasina eny amin'ny faritra atahorana, fikambanan'ny NOAA, mampiseho ireo faritra ambony mari-pàna eny amin'ny morontsiraka atsimon'ny tany. Mampiseho ny mahasamihafa ny SST hita amin'ny salan'isan'ny SST ambony indrindra isaky ny faritra ity tabilao ity. Izay fahasamihafana tafahoatra na mampatahotra no manaporofo fa misedra fahafotsiana Ireo akorabato eo amin'Ilay faritra Isaky ny misy fiakaran'ny hafanana 0.1°C ambonin'ny salan'isa ao anatin'ny volana eny amin'ny manodidina.

Eny amin'ny elanelam-bato, eny amin'ny faritra misy tsingy maranitra sy tsanganambato manify izay hita eny amin'ny faritra Avaratra Andrefan'ilay akorabato mitandahatra ao Nosy Hao dia mitovitovy amin'ny zavaboary fahita ao amin'ny Nosy Fasy no hita ; kanefa ny 15%n'ny toerana fotsiny no rakotra akora mafy ary mihoatra ny 50% dia bozaka sy ahi-drano vaventy.



Eny amin'ny moron-dranomasina DemiLune sy Lagon Bleu dia bozaka no tena mandrakotra ny akorabato fa latsaky ny 10% no akora mafy. Tena nahagaga fa ilay faritra anaovana fikarohana vaovao manaraka ny moron-dranomasina feno voanio (Plage aux Cocotiers) dia rakotra ahidrano saika ho Pavona Clavus daholo ka toa mahavriana tokoa raha mihoatra ireo faritra hafa manamorona ny morontsiraka.

Ireo rano misy mari-pàna ambony

Tsy mitsahatra mitombo hatrany ny tranga fahafotsian'ny akorabato eran'izao tontolo izao, ary tsy latsak'izany ny tranga misy any Andavadoaka, indrindra fa mandritra ny fotoana mafana manomboka ny volana Desambra ka hatramin'ny volana Marsa... Ireo akora "acroporide" anatn'ny ranomasina lalina (<7m) manamorona ny morontsiraka no nahitana voalohany izany fahafotsiana izany, rehefa niakatra 30ºC ny mari-pàna. Tato aoriana dia kelikely ihany ny salan'isa fahafotsiana tsikaritra (manodidina ny 20% no akora marary) teny amin'ny rano lalindalina kokoa (10-20m)

ambonin'ireo vondron'akora mpandray vahiny. Mihena hatrany izany salan'isa izany eny amin'ireo fitambarana akora "favites" sy "lobphora". Hatramin'izao dia efa voatsabo daholo ireo akora nihafotsy ary mbola tsy nisy mihitsy fahafatesana nifandray tamin'izany aretina izany tsikaritra. Fitaovana manokana mpandray mari-pàna no napetraka teny amin'ireo faritra anaovana fanaraha-maso mba hahafahana manara-maso ny fiovan'ny mari-pàna nandritra ny fotoam-pahavaratra.

Napetraka tany amin'ny 16m anaty rano tany ireo fitaovana ireo ka natao handray ny fiovan'ny mari-pàna isaky ny adiny 4 ary isaky 0.1°C mandritra ny taona maro. Ireo fiovan'ny rakitra voaray isam-bolana no hahafahana mamaraitra ny fiovan'nymari-pànan'ny rano ambony ranomasina.

Eo ambony fig. 6. Noho ny jono tafahoatra dia betsaka ny orita tanora voasambotra, satria koa kely lanja ny haza samborina.

Ankoatra ny fanaraha-maso ny firafitry ny zavaboary an-dranomasina ataon'i Blue Ventures, dia miroborobo tokoa ireo asa fiarovana ny zavaboary sy asa fikarohna ataony. Ny firoboroboan'ny asa nalaky tato anatin'ny volana vitsivitsy no nahatonga ny fananganana vondrom-pikaroka ara-tsosialy sy ara-toekarena.

Amin'izao fotoana izao dia eo am-panaraha-maso ny asa fanjonoana sy eo am-panisana ny mponina ao an-tanàna ireo manam-pahaizana mba hahafahana mandinika ny làlam-barotra sy hampaharetana ireo vokatra hazan-drano samborina amin'ny alàlan'ny jono nentimpaharazana eny amorontsiraka.

Manao fikarohana momba ny fahalalàna nentin-drazana mikasika ny zavaboary (TEK) ireo mpikaroka vahiny sy tera-tany mba hanamafisana ny fitantanana maharitra ny zavaboary an-dranomasina sy amorontsiraka, tohanana ihany koa ireo tetik'asa ataon'ny mponina eny an-toerana.
Jono maharitra no iankinan'ny fampandrosoana maharitra ao Andavadoaka sy ny manodidina satria io ihany no tena antoky ny toekarena eny an-toerana. Tapaka nandritra ilay fivoriana niraisan'ny mpanjono tao Andavadoaka sy ireo solontenan'ny Institut Halieutique et des Sciences Marines (IHSM), Blue Ventures (BV), Wildlife Conservation Society (WCS) ary Copefrito (orin'asa mpanjono miantsona any Toliara, mampiasa mpanelanelana na sous-collecteurs maro) tamin'ny volana Oktobra 2004, fa hatsahatra ny fanjonoana orita any amin'ny faritra 190 hectares ambonin'ny akorabato mitandahatra manodidina ilay nosy akaiky indrindra, dia ny Nosy Fasy. Nosoniavin'ireo mpanjono tamin'izany koa àry ny Dina mifanaraka amin'ny fandraràna ny jono orita ao amin'ilay nosy akaikin'ny Nosy Fasy, mandritra ny 7 volana manomboka ny 1 Novambra 2004.

Eo ambony fig. 7. Fivorian'Ireo mpanjono ao amin'Ilay efitrano fampianaran'ny BV teny Anglisy, midinika ny lamin'asa mifandray amin'ny fampiharana ny Dina, izay mandrara ny jono orita eny amin'ny akorabaton'ny nosy Hao.

Noho ny fahatsapan'ireo mpanjono sy mpanelanelana (sous-collecteurs) fa nihena ny lanjan'ny orita nandritra ny taona 2003 sy 2004 dia niaraka nikaon-doha namolavola izany Dina izany ireo mpanjono, ny olon-dehibe tao an-toerana, ny Blue Ventures sy ny World Conservation Society (WCS).



Ambony fig. 8. Ny faritra manodidina ny Nosy Hao miaraka amin'ny halalin'ny ranomasina, izay mampiseho ihany koa ireo toerana voarara amin'ny fanjonoana orita.

Ireo raki-pikarohana rehetra voaray tamin'ny 2004 dia nampiseho fa ny ankamaroan'ny orita voasambotra dia kely lanja (latsaky ny 800g) ary mbola tsy matoy akory (jereo. Tatitra BV Septambra - Oktobra 2004). Araka ny fikarohana natao tany Tanzania dia tsy matoy ireo orita cyanea lahy raha tsy mahatratra 320g, ary ny vavy 600g (Guard sy Mgaya 2002). Raha narahina ny jono orita tao Andavadoaka dia mbola tanora daholo ny ankabeazan'ireo nojonoina, ary mihoatra ny 50% amin'ireo izay voajono tany amin'ny toerana sasantsasany dia milanja latsaky ny 300g.

Naharitra telo andro ny famolavolana ilay Dina izay nanomboka ny 22 Oktobra 2004. Nodinihin'ireo vehivavy, mpanjono sy olon-dehibe tao an-tanàna ny antony nampihena lanja ny orita ary koa ny antony mahatsara ny nametrahana ilay Dina hamahana izany olana izany. Notapahan'ireo mpivory ihany koa ireo sazy sy lalàna mifehy ny jono orita : ny orita tanora, izany hoe latsaky ny 500g, dia tokony havotsotra ary ireo mpanjono tratra manjono ao amin'ilay faritra tsy azo anjonoana ao amin'ny Nosy Fasy dia tokony handoa onitra dimy avo heny ny vidin'ny orita amin'izany fotoana izany.

Mitombo malaky tokoa ny Orita cyanea rehefa mahatratra 500 ka hatramin'ny 1000 g, ka raha 500 grama ny lanjany amin'ny fotoana ikatonan'ny jono eny amin'ny Nosy Fasy dia mety hahatratra hatramin'ny 7–8 kg rehefa afaka enim-bolana, raha ny fitombony ara-dalàna no arahina.
Izay rakitra voaray nanomboka tamin'ny volana Mey 2004 mikasika ireo jono orita dia notanana an-tsoratra daholo ary efa inoana sahady fa hitombo aoka izany ny salan-danjan'ny hojonoina amin'ny volana Mey 2005. Rehefa misokatra indray ny jono, dia nanome toky ny Copefrito fa handray ireo orita mihoatra ny 500 g amin'ny vidiny lafo izay mbola tsy nofaritany.

Ambony fig. 9. Ny sambo Le Havre an'ny Copefrito miantsona akaikin'Andavadoaka

Nampiasa mpiambina manokana mihitsy ilay fikambanan'ny mpanjono eny an-toerana, Cooperative Maritime du 22ieme Parallèle (CM22P), hanarahana maso izay jono orita tsy ara-dalàana. Efa nisy iray tratran'ilay mpiambina nivarotra orita avy tao amin'ny Nosy Fasy tamin'ny sambo Le Havre tamin'ny 15 Janoary lasa teo. Noho ireo rivo-mahery nifandimby teo ho eo, izay tsy nahafahan'ireo mpanjono nandeha an-dranomasina nandritra ny fotoana naharitra, dia nahazo fanalavam-potoana handoavana ny onotra tokony nalohany ilay mpanao ratsy. Na dia nampalahelo aza ny nahitana fa mbola misy sahy tsy manara-dalàna

ihany dia mahavelom-bolo kosa ny mahita fa ampiharina tokoa ilay Dina nifanarahana.

Mba hampahomby ny fitantanana ny jono orita dia hasesy harovana tsirairay ireo faritra manelanelana ireo akorabato mitandahatra rehetra ao Andavadoaka. Hasesy toy izany koa ireo toerana voarara mba hahazoan'ireo mpanjono orita lehibe tsara (lafo vidy kokoa) rehefa misokatra indray ny jono. Fotoana vitsy aorian'ny hanokafana toeram-panjonoana iray dia hakatona indray ny hafa mba hamelana ireo orita honina, hitombo sy hamokatra, ary hahatratra ilay lanja misy vidiny lafo.

Ny làlam-barotr'ireo hazan-dranomasina ao Andavadoaka

Voafetra tokoa ny làlam-barotra ao amin'ny kaominin'i Befandel (fitambarana tanàna vitsivitsy misy an'Andavadoaka). Ny vokatra jono dia na atokana ho an'ny ankohonana sy ny namana na amidy. Mba hahazoana fidiram-bola dia amidin'ireo mpanjono amin'ireto olona ireto ny hazan-drano : ireo mpanelanelana, ilay kaoperativa eny an-toerana na koa avy hatrany amin'ireo mpandray vokatra lehibe. Ny sasantsasany dia raisin'ireo olon-tsotra, toerana mpandray vahiny eny amin'ny manodidina, ary ireo mpivahiny avy any afovoan-tany.

Samy miasa ao Andavadoaka ireo orin'asa lehibe vahiny roa mpanodina sy mpanondrana hazan-dranomasina dia ny Murex sy ny Copefrito. Manana sambo kely maro mandroaka ireo hazan-drano avy amin'ireo mpanelanelana eny amin'ireo tanàna manodidina ny Copefrito. Aondran'ireo sambo kely ireo ao amin'ilay sambo lehibe Le Havre izay miantsona ao Andavadoaka ny vokatra voaangony. Ny Murex koa dia mampiasa sambo kely mandeha kilaometatra maro ka manondrana ireo vokatra ao amin'ny tanàna iray any atsimon'Andavadoaka izay iantsonan'ny kamio lehibe iray vonona hitatitra ny hazan-dranomasina any Toliara.
Ny mahasamihafa an'ny Copefrito amin'ny Murex dia satria efa ela tokoa ry zareo no efa teny an-toerana ary orita no tena raisiny amin'ny vidiny tsaratsara kokoa. Sady amin'izay, nisy mpiasa iray avy tao amin'ny Copefrito izay nanampy ireo mpanjono nanangana ilay fikambanan'ny mpanjono atao C22PM, izay namolavola ny Dina mametra ny jono orita.

Ny tanjon'ity fikambanana mpanjono ity dia ny hahazoan'ireo mpanjono varotra tsaratsara ka hahafahany mandray tombony kely izay manampy azy amin'ny fidianana fitaovana fanjonoana sy vary ohatra amin'ny vidiny mirary ho an'ireo mpikambana ao aminy. Tena manampy ny toekarena eny an-toerana ny fisian'ny Copefrito sy io fikambanana mpanjono io.

Ireo mpanelanelana kosa dia mpanangom-bokatra eny an-toerana manelanelana ny mpanjono sy ny mpividy hazan-dranomasina, izay manararaotra ny fisian'ny varotra hahazoana tombony. Mipetraka ao an-toerana ireo mpanelanelana ireo ary efa naharitra taona maro no efa nanaovany io asa io. Ny mahasamihafa azy ireo amin'ny fikambanana sy ny Copefrito dia mitoetra mandava-taona eny an-toerana izy ireo ary mandray karazana hazan-drano isan-karazany.

Ambony fig. 10. Vehivavy mpanjono miaraka amin'ny hazany, Orita "Octopus cyanea".

Maro ny karazana mpanelanelana. Any Andavadoaka ohatra dia roa karazana izy ireo, ny iray mandray ireo orita sy mivarotra azy ireo amin'ny Copefrito fotsiny ihany ; fa ny iray kosa mivarotra amin'ny Murex sady mandray 'finfish' ihany koa . Mbola misy mpanelanelana miasa irery ihany koa izay mandray sira sy trondro maina ary orita ka mivarotra azy amin'ny toerana afovoantany manaraka ny varotra nentin-drazana.

Amin'ny ankapobeny dia hazandrano fanondrana any ivelany ny orita. Izany no mahatonga ireo mpanjono hivarotra azy amin'ireo orin'asa mpanondrana, mba hahazoany vidiny tsaratsara kokoa. Ary satria tsaratsara kokoa ny andraisan'ny Copefrito ny vokatra mihoatra an'ny Murex dia voasarika hivarotra amin'ny mpanelanelana miasa miaraka amin'ny Copefrito kokoa ireo mpanjono. Ireo orin'asa roa ireo anefa dia samy manampy tokoa amin'ny fanaraha-maso ny jono eny an-toerana. Nampiasain'ny Blue Ventures ny fahalalàny ny toekarena mikasika jono eny an-toerana mba hanatontosana lamin'asa fanarahana maso ny jono orita.

Nokaramain'ny Blue Ventures ireo mpanelanelana miasa miaraka amin'ny Copefrito mba handanja ireo orita azo sy handray an-tsoratra ireo faritra nahazoana azy ireo, ary koa ny fomba nampiasaina nahazoana azy sy izay mikasikasika ireo mpanjono ka voaray daholo noho izany ny isan'ny orita rehetra voasambotra teny an-toerana, ny mikasika ny fomba nanangonana ny vokatra ary koa ny voka-dratsin'ny jono amin'ny faritra fanjonoana madinika. Rehefa misintona ny ranomasina no manjono ireo mpanjono orita. Tonga mandoa ny karaman'ireo mpanelanelana isaky ny tapa-bolana ny Blue Ventures ka miankina amin'ny rakitra voarainy ao amin'ny kahieny avy izany karama izany. Omen'ny Blue Ventures fandajana, koveta sy kahie andraisana an-tsoratra izy ireo hahafahany mandray ny lanjan'ireo orita voajono.

Ambony fig. 11. Ilay takela-drindrina vaovao nataon'ny Blue Ventures, efa vonona ny hapetraka ho an'ny mponina.

Toerana 15 ao anatin'ny tanàna 11 no andraisan'ny Blue Ventures raki-tsoratra amin'izao fotoana izao. Natomboka tamin'ny Septambra 2004 (jereo ny tatitra fikarohana BV Septambra – Octobra 2004). Raha ny fandalinana ireo rakitra voaray voalohany no atao dia hita fa manodidina ny 500 Kg isam-bolana ny orita voasambotra teo anelanelan'ny Aogositra 04 sy February 05. Tamin'ny Desambra 04 dia 200 Kg fotsiny no voajono, izany fihenana izany dia noho ny fotoam-pialantsasatra sy ny andro ratsy. Nosy Hao sy Ambataloake (manodidina ny akorabaton'Andavadoaka) no tena toerana nandraisana orita be indrindra, izany hoe 40% sy 20% n'ny vokatra dia avy tamin'ireo toerana ireo avokoa. Raha nojerena kanefa ny jono avy tao Nosy Fasy dia teo anelanelan'ny 10% sy 20% izany salan'isa izany talohan'ny nanidina ny faritra.

Raha bangoina dia nitombo tokoa ny salan-danjan'ireo orita voasambotra tao Andavadoaka satria raha 600g izany tamin'ny volana Jona 2004 dia lasa 800g izy tamin'ny volana Febroary 2005 (fihenana ; r^2=0.33 ; p=0.08). Mety voaporofon'ny fotoam-panatodizana nandritra ny ririnina (Mey-Jona) izay narahan'ny fotoana fitomboany nandritra ny taona. Na izany aza dia tsy mbola tena voaporofo ny fifandraisan'ny taonan'ny orita amin'ny lanjany. Efa eo am-pikarohana ny fotoana fanatodizan'ireo orita amin'izao fotoana izao ireo mpikaroka ka mandinika ny fiovan'ny famatoran'ny fitaovam-pananahany mandritra ny taona amin'ny alàlan'ny fandrasàna santionany vitsivitsy. Tarihin'ilay biolojista avy ao amin'ny IHSM, Daniel Raberinary, izany fikarohana izany. Mety hanampy tokoa izany fahalalàna izany eo amin'ny fitantanana ity hazandrano efa miha-ritra ity. Hofaritana amin'izany ohatra ny haben'ny orita kely indrindra azo samborina, ny fotoana handraràna ary koa ireo fepetra tokony ho raisina hikajiana ilay Valanjavaboary an-dranomasina Voaaro.

Manantena ny Blue Ventures fa hiova ny vokatra orita any an-toerana sy ny fahasamihafan'ireo toeram-panjonoana. Manontany tena izahay ny amin'ny vokatra mety ho azo rehefa hisokatra indray ny toeram-panjonoana ao Nosy Hao amin'ny voalohan'ny volana Jona rehefa avy nakatona nandritra ny fito volana izy ity. Efa miezaka ny hameno izay rakitra fototra sahady mikasika ny jono sy ny fikaroahana ara-tsosialy sy ara-toekarena izahay alohan'ny hisokafan'ny toerana anjonoana orita manaraka. Mino izahay fa ho voavory daholo ireo valin'ny fikarohana mikasika ny fiovan-danja sy ny fahamatoran'ireo orita hojonoin'ireo mpanjono amin'ny faran'ny taona, rahefa misokatra i Nosy Fasy. Mba hiomanana amin'izany dia nohamafisin'ny Blue Ventures ny lamin'asa fanentanana sy fampianarana mifandimby mikasika ny Valanjavaboary Voaaro, ary efa manavao ireo peta-drindrina rehetra eran'ny tanàna ny mpikaroka.

Mitohy hatrany ny fanadihadiana ataon'ireo mpilatsaka an-tsitrapo eny ambonin'ny sambon'ny Copefrito. Ny valin'izany fikarohana izany voaray nandritra ny volana voalohany amin'ny taona 2005 dia mampiseho fa ny ankabeazan'ny trondro voajono dia amperora (40%n'ny totalim-bokatra), 'mérous' (20%), 'snappers' (14%), 'sweetlips' (6%) ary 'thons' (5%). Noheverinay ny hanara-maso ny fiovan'ny salan-danjan'ireny fianakaviana trondro ireny mandritra ny volana maro ary raha ilaina aza dia mandritra ny taona maro. Mety hanan-danja tokoa ny sasantsasany amin'ireny karazan-trondro ireny, tahaka ny 'mérous' ohatra dia mety ho fitaovana mahomby hahafantarana ny vokatry ny jono isaky ny toeram-panjonoana satria karazan-trondro miaina ela izy ireny ary mitangorona matetika. Indraindray dia mahazo lehibe amin'izy ireny koa ny mpanjono.

Fanarahana ara-tsosialy sy ara-toekarena

Tahaka ny mahazo ny karazan-trondro eran'izao tontolo izao dia maro be ireo fanoitra mety hampiova ny toetoetran'ireo tontolo anaty ranomasina ao Andavadoaka. Tsy dia misy firy ny fiovana ateraky ny fahavokaran'ny hanina mamelona ny zavaboary, na ny fitombon'ny vato kely na ny loto ateraky ny fivoarana ao Andavadoaka. Tsy tahaka izay ateraky ny fanoitra iraisan'ny ao amin'ny faritry ny ranomasim-be, tahaka ny fiakatry ny mari-pàna anaty rano ohatra, ny fiovàna eny amin'ny toerana sasantsasany dia avy amin'ny jono. Ny jono mihoa-papana sy ny fahapotehin'ny faritra iainana no tena manakana ny jono tsy haharitra. (jereo Tati-pikarohana BV, Jona, Jolay sy Aogositra 2004).

Satria fantatra fa ny jono ihany no tena manakana ny jono haharitra dia tokony ho takatr'ireo mpanjono any an-toerana ny anajara asany amin'ny fampihenana ny hazandrano izay iankinan'ny hoaviny. Ny fikarohana ara-tsosialy sy ara-toekarena nataon'ny Blue Ventures no manome izay rakitra ilaina amin'ny fitantanana maharitra ny jono, amin'ny alàlan'ny fandinihana ny jono, sy ny mpanjono ary ireo filàna eny an-toerana hampandrosoana azy, ary koa hanatsarana ny toe-piainany sy fari-piainany nefa tsy hanimbàny ny tontolo iainany.

Mizara sokajy telo lehibe ny asa voafaritra ao anatin'ny lamin'asa napetraky ny Blue Ventures amin'izany asam-pikarohana ara-tsosialy sy ara-toekarena izany dia ny fanisam-bahoaka eo anivon'ny tanàna rehetra, ny firaketana an-tsary ny zava-misy rehetra, ary ny fahalalàna nentin-paharazana ny zavaboary (TEK). Ny valin'ireo fikarohana ireo dia ilaina amin'ny fiarovana sy fitantanana ny ziogan'ny jono amin'ny firafitry ny zavaboary eny ambonin'ny akorabato ary koa amin'ireo karazana hazandrano mety hampiditra vola betsaka ho an'ny mpanjono. Ireo rakitra fototra voaray mikasika ny isan'ny mponina, ny fidiram-bolan'ny mponina, ny fahatsapany ny tontolo iainany, ary koa irey fianakaviana tsirairay avy no hanampy an'ny Blue Ventures amin'ny famolavolany izay rafi-pitantanana ny zavaboary sy izay fomba fidiram-bola hafa ho an'ny mpanjono.

Famenoana hatrany ny fanisam-bahoaka sy ny firaiketana saritany

Betsaka ny fiovàna hita ao Andavadoaka. Ny fivoarana ara-toekarena ateraky ny trano fandraisam-bahiny sy orin'asa mpanangona

vokatra, ary izay asa madinika rehetra mifampiankina amin'izany fivoarana izany, tahaka ny fitaovana mampandeha herin'aratra sy ny toeram-pisotroana ohatra, no nampiova ny fiainana ao Andavadoaka. Raha tsy nisy hafa tsy trano fandraisam-bahiny iray zara raha misy olona, sy toerana fisotroana ary fitaovana mampandeha herin'aratra ihany roa taona lasa izay dia efa trano fandraisam-bahiny 2, toerana fisotroana 4 ary fitaovana mampandeha herin'aratra 6 no mamelona ny mponina ao Andavadoaka amin'izao fotoana izao.

Ambony fig. 12. Fanisam-bahoaka Izay manampy an'ny Blue Ventures amin'ny faminavinana ny fiovan'ny toe-piainana ao Andavadoaka.

Ny sasantsasany amin'ireo toerana fisotroana aza dia mandefa 'cine-video,' (fitaovana famakiana VCD mifandray amin'ny vata fahitalavitra) manolotra fialam-boly ho an'ny mponina toy ny oronan-tsarimihetsika sy kung fu. Ireo fikarohana ara-tsosialy sy ara-toekarena, nataon'ny BV hatramin'ny nahatongavany, izany hoe ny lafiny fidiram-bola, asa fivelomana, fandaniana, fampianarana, fahasalamana, sy ny lafiny fahatsapan'ny mponina ny fiovana, no tena nahatsapana izany fiovana tao Andavadoaka izany. Ilay fanisam-bahoaka atao amin'izao fotoana izao dia efa mampahafantatra sahady ny tena fari-piainan'ny mponina eny an-toerana.

Rahefa vita ny firaketana an-tsoratra ny valin'izany fanisam-bahoaka efa natao nandritra ny enim-bolana izany (jereo Tati-pikarohana BV Jolay- Aogositra 2004), dia ho moramora kokoa ny hamaritana ny fiantraikan'ny fametrahana ilay Valanjavaboary voaaro sy izay tetik'asa ho an'ny mponina ao an-toerana. Nampian'ny mpilatsaka an-tsitrapo avy tamin'ny BV tamin'ny firaketana an-tsaritany ny tanàna ireo mpianatra avy amin'ny IHSM.

Ambany fig. 13. Saritany vita tànana natao avy tamin'ny fanisam-bahoaka vita ary alohan'ny hampidirana ny rakitra ao anatin'ny solon-tsaina SIG



Manome ireo rakitra rehetra tokony hampidirina an-tsoratra ny GPS ary ireo rakitra ireo dia hampidirina ao amin'ny solon-tsaina SIG rehefa avy eo, izay vao afaka ampiasaina hanarahana maso izay fiovana mety hisy amin'ny lafiny firafitry ny tanàna, fari-piainana (miankina amin'ny vidin'ny akora ampiasaina hanamboarana trano), fizarana tombon-karena (miankina amin'ny fidiram-bolan'ny tsirairay ao anatin'ny fianakaviambe iray). Manome toro-làlana mazava tsara hahafahana manara-maso ny fiovana ireo raki-tsoratra mikasika ny isan'ny mponina sy ireo saritany voarafitra ; ary izany no manampy ny BV amin'ny fandrafetana ireo tetik'asany izay mifanaraka amin'ny fitombon'ny fidiram-bolan'ny mponina.

Ampidirina ao amin'ny fitantanana ny jono ao Andavadoaka ny Fahalalàna nentin-drazana momba ny zavaoboary (TEK).

Ny fandinihana ny fahalalàna nentin-drazana mikasika ny zavaboary (TEK) dia manome an'ireo mpikaroka izay zavatra rehetra ny fahalalàn'ireo mpanjono sy ny fahatsapan'izy ireo ny toe-piainany ary koa ny tontolo iainany. Izany fikarohana (TEK) ao Andavadoaka izany no hahafahan'ny BV sy ireo mpiray antoka aminy manao fampitahana ary koa manitatra ny raki-tsoratra siantifika izay efa ananana amin'izao fotoana izao raha ny tontolo ao Andavadoaka no resahina. Ny fahalalàna TEK no hahafahan'iro mpikaroka manamarina ny valim-pikarohana siantifika, manangona ny rakitra rehetra mikasika izay tontolo tsy mbola fantatra na tsy mbola voadinika ary koa mahatakatra kokoa ny hevitr'ireo mpanjono. Zava-dehibe tokoa io lafiny farany io ho an'izay asa fanentanana tokony hatao hanovàna fomba fihetsika rehefa mametraka faritra an-dranomasina ho arovana.

Ambony fig. 14. Ireo mpilatsaka antsitrapo avy amin'ny Blue Ventures manao fikarohana TEK mikasika ny jono orita ao Andavadoaka.

Ny fahalalàna mikasika ny firafitry ny jono orita eny an-troerana azo avy amin'ireo manam-pahaizana sy ny mponina no nampiasain'ny Blue Ventures sy ireo mpiray antoka amin'y tahaka ny WCS hananganana valan-javaboary an-dranomasina voaaro (APM) eny amin'ny toerana andraràna ny jono. Nampivoitra hatrany ny lafi-tsaran'ireo fomba nentim-paharazana samihafa, tahaka ny fampiasana ny Dina, ny fanatonana an'ireny olona eny an-toerana ireny rehefa napetraka ireo faritra ho arovana amin'ny jono orita. Ny fampandraisana anjara ny mponina sy ny fampiasana izay fahalalàny eo amin'ny famaritana sy famahana ny olana mifandray amin'ny fitantanana ny zavaboary dia manamafy hatrany ny tombontsoa azo avy amin'ny TEK. Mampitatra ny fahalalàna mikasika ny mponina ihany koa ny fikarohana atao.

Ny dingana manaraka eo amin'ny lafiny TEK ao Andavadoaka

Araka ny voalaza tetsy aloha dia ny jono maharitra ihany no toky ho an'ny fampandrosoana maharitra hoa an'Andavadoaka sy ireo tanàana manodidina azy.

Izay rakitra rehetra voaray momba ny fahalalàna ny fomba fanjonoana, sy ireo karazana hazandrano fanjono, ary ireo toerana fanjonoana ary izay fahalalàna hafa mikasika ny zavaboary dia fitaovana mahomby amin'ny fandrafetana ny rafitr'asa fitantanana ny zavaboary voajanahary. Ny rafitr'asa mipetraka amin'ny fahalalàn'ny mponina eny an-toerana no inoana kokoa fa ho azon'ny mponina, mifanaraka amin'ny kolon-tsainy ary mamokatra jono maharitra. Nampiasaina tao anatin'izany rafitr'asa izany daholo ireo rakitra mikasika ny tantaran'ny anaran'ireo zavaboary an-dranomasina rehetra, ny fombafomba manodidina azy ireo ary ny fahatakaran'ny mponina ny tontolo anaty ranomasina sy ny toe-piainan'ireo zavaboary ireo.

Maro ireo paikady TEK voavolavolana eo am-pamolavolana ao Andavadoaka, ary izany no natao mba hanohizana ny fikarohana ara-tsosialy efa natombok'ireo mpilatsaka an-tsitrapo tany amin'ny faran'ny taona 2004. Ilaina tokoa izany paikady izany eo amin'ny fanatontosana ny saritany mikasika ny toerana fanjonoana, eo amin'ny fandrafetana ny lamin'asa mifanaraka amin'ny fampiasana ny zavaboary ka mety hanampy amin'ny fandraisana an-tsoratra ny fiovan'ny toetr'andro, eo amin'ny fandraisana ny foto-tenin'ireo anarana amin'ny teny Malagasy ho an'ireo zavaboary an-dranomasina ary koa eo amin'ny fandinihina ny fahatsapan'ny mpanjono ny fiovana.

Ireo fomba maro fampiasan'ny mpanjono ny zavaboary an-dranomasina, ny fomba fandaniany azy ireo, ny fomba famaritany ny zavaboary voajanahary manodidina azy, ary ny fihetsika ataony ihatrehany ny fahasimbàna na fiovàna eo amin'izany zavaboary an-dranomasina izany dia maneho hatrany ny fahalalàn'ireo mpanjono ny tontolo an-dranomasina .

Ny fahamaroan'ireo paikady ampiasain'ny Blue Ventures hanaovana fikarohana TEK dia mahomby hahatakarana tsara izany fahalalàna TEK izany, zava-dehibe ho an'ny fahatanterahan'ny fametrahana fitantanana maharitra ny jono ny fanatonana sy fifampiresahana amin'ny mponina eny an-toerana.

Manana anjara asa lehibe ao amin'ny fikarohana TEK ao Andavadoaka

Manaraka matetika ireo mpanjono eny ambony ranomasina ireo mpilatsaka an-tsitrapo avy ao amin'ny Blue Ventures mba handinika akaiky ny fomba fanjonoana. Nanampy betsaka tamin'ny famaritana ny karazana fomba fanjonoana any amin'iny faritra iny izany fanarahana mpanjono izany. Hatramin'izao dia fantatra fa 11 no isan'ny karazana jarifa ampiasaina eny an-toerana.

Nandritra ireny fiarahana amin'ny mpanjono ireny dia mijanona ny andro manontolo eny ambony lakana ireo mpilatsaka an-tsitrapo ary mandray an-tsoratra ny traikefa iainany eny ; Izany no nahafahana namaritra ny fotoana ijanonan'ny mpanjono lavitra tanety isaky ny jono sy izay fitaovana ary fomba fampiasany.

Izany koa no nahafantarana izay hazandrano voajono tsy nahy miaraka amin'izay voka-dratsin'ny fomba fanjonoana ampiasain'ny mpanjono. Tena zava-dehibe mihitsy ny fanampian'ireo mpilatsaka an-tsitrapo eo amin'ny fandraisana rakitra ireny asam-pikarohana lalina ireny. Ny firaketana an-tsoratra amin'ny antsipirihany ireo fomba fanjonoana rehetra no hahafantarana ny ziogn'izany jono izany ka manampy tokoa amin'ny fandinihana lalindalina kokoa ireo rakitra sy amin'ny fanadihadiana rehetra mikasika ny jono. Manamafy ihany koa ny fahatokisan'ny mponina ny asa fitantanana ny zavaboary ataon'ny Blue Venture ireny asa fandinihina ireny. Raha mampiseho ny fomba sady tsy manimba ny tontolo no mifidy ny hazandrano jonoina ny Blue Ventures dia efa mandray anjara sahady hiarovana amin'ny fomba tena mahomby ny hazandrano tsy ho lany tamingana.

Fampianarana sy fanentanana : hamafisina ny fifankatiavan'ny mponina avy amin'ny firenena samihafa.

Nandritra ny asam-pikarohana farany teo dia nanohy ny fampianarana teny anglisy ho an'ireo mpianatra ao amin'ny sekoly ambaratonga voalohana Ecole Sainte Famille ireo mpilatsaka antsitrapo. Tao anatin'izany rafitr'asa fampianarana ataon'ny Blue Ventures izany dia natombok'ilay mpilatsaka antsitrapo Gabrielle Johnson tamin'ny fandalovany teny Andavadoaka ilay fifanoratana teo amin'ny mpianatra avy ao amin'ny Laguna Blanca School any Santa Barbara, Californie, sy ireo mpianatra ao amin'ny Ecole Sainte Famille ao Andavadaoka.

"Noheveriko, hoy izy, fa ny fifanoratana no fomba tena mahomby indrindra ho an'ireo ankizy ao amin'ny dingana voalohany avy amin'ny tanànantsika manatrika kolon-tsaina tokana an-tany amin'ny alàlan'ny tontolon'ny siansa izay ianarany.

Sady izany koa no mety ho fomba hahazoany mamantatra fa mety hisy kolon-tsaina mitaky filàna mitovitovy amin'ny an'ny tena ihany koa any ho any. Fantatra mantsy fa ao amin'ny dingana voalohany no hampianarana ny zavaboary sy ny ezaka rehetra hiarovana azy.



Ambony fig. 15. Botry ao Andavadoaka, sary nataon'i Beatrice, 11 taona, avy amin'ny Ecole Sainte Famille.

Rehefa azon'ny ankizy tsara ny firafitra fototry ny zavaboary dia heveriko fa tokony hahafantatra bebe kokoa ny lafiny ara-tsosialy sy ny politika fiarovana ny tontolo iainana izy ireo mba hahatakarany amin'ny ankapobeny ny lafiny rehetra misy ao anatin'izany fiarovana ny tontolo iainana izany. Rehefa vita ny fampianarana dia mihady hevitra mikasika izay tokony ataon'ny tsirairay amin'ny fiainany avy izahay mba hanomezan-tànana eo amin'ny lafiny fiovàna.

Mandray taratasy sy sary mikasika ny fiaimpiainan'ny ankizy amerikana avy amin'izy ireo ny mpianatra Malagasy. Dinihina mandritra ny fampianarana teny anglisy ireny taratasy ireny mba hampaherezana azy ireo hanoratra ihany koa mikasika ny fiainana iainany ao Andavadoaka. Ny teny tena nampisy ady hevitra indrindra dia ny teny hoe « snowboarding » (fikorisana ambony ranomandry) sy ny « raccoons » (ratons laveurs). Inoana fa mety sahirana ihany koa ireo mpampianatra any USA ny hanazava ny « mangahazo » sy ny « zebu » (omby gasy) amin'ireo mpianatra amerikana.

Raha nanolo-tena sy nanolotra ny fomba fiainany amin'ny andavan'andro ireo mpianatra avy amin'ny sekoly Laguna Blanca tamin'ny volana Desambra iny dia naharay taratasy sy sarisary be dia be nahatalanjona ry zareo avy tamin'ireto ankizy avy ao Andavadoaka ireto, izay tena niezaka tokoa ny nampita ny tena zava-misy ao amin'ny tanàna kelin'ny mpanjono ao amin'ny morontsiraka Atsimo Andrefan'i Madagasikara.

Nanampy ny olon-dehibe tao an-tanàna hianatra teny Anglisy koa ny mpiasan'ny BV. Tato ho ato izao dia ireo masera avyamin'ny missiona Kataolika no tonga namonjy ny fampianarana nomen'ny mpiasan'ny BV.

Ambony fig. 16. Baobaba nataon'i Emille, 9 taona, avy amin'ny Ecole Sainte Famille.

Nohamafisin'ny Blue Ventures ny fisian'ny Valan-javaboary an-dranomasina ao Andavadoaka

Mba hahampahafantarana hatrany ny mponina mikasika ny asa sy fikarohana ataon'ny BV dia nanamboatra takela-drindrina izay hapetraka mandava-taona ao an-tanàna ireo mpilatsaka an-tsitrapo. Nampian'ny filohan'ny fokontany, Andriamatoa Roger, ny BV tamin'ny namaritana ny toerana mety indrindra hametrahana izany takela-drindrindra izany hahitan'ny mponina rehetra azy.

Hatao amin'ny teny Anglisy, Frantsay sy Vezo ny peta-drindrina rehetra hapetraka eo ambonin'izany takelaka izany ary havaozina isaky ny misy asa fikarohana vita. Noheverina hapetraka eo amin'ity takelaka ity daholo ny mikasika ireo mpiasa ao amin'ny BV sy ireo mpilatsaka an-tsitrapo, ny tetik'asa fikarohana sy ny atrik'asa rehetra ho atao ao an-tanàna.

Ny mikasika ilay Valan-javaboary an-dranomasina ao amin'ny Nosy Fasy no napetraka voalohany teo amin'izany takelaka izany. Nampiseho ny zavatra rehetra natao tamin'ny fisokafan'ity valan-javaboary ity sy ny mikasika ny namolavolana ilay Dina ny peta-drindrina.

Nampiana peta-drindrina mikasika ireo fitaovana fisintonana trondro (FAD) izany tato anatin'ny volana vitsivitsy. Nanapa-kevitra izahay fa hosoloina ireo fitaovana simban'ny rivo-doza tamin'ny taona lasa iny. (jereo. Tatitra BV volana Marsa 2004).

Nangataka ny hanoloana ireny fitaovana ireny tokoa ireo mpanjono tato ho ato. Efa hita izay hamatsy ny fitaovana ary efa eo am-pikarakarana ny hividianana izay ilaina rehetra hanamboarana azy sy ny hanondranana ary ny hametrahana azy izahay amin'izao fotoana izao.

Noheverina fa ilay lamin'asan'ny BV manaraka no hanokafana ilay takelaka vaovao hapetraka amin'ny volana Marsa 2005. Manantena izahay fa tena halaza tokoa io peta-drindrina io satria hanasana ireo ray aman-dreny sy ireo fikambanan'ny mpanjono miaraka amin'ny mpanjono rehetra sy izao olona mianatra teny Anglisy ny fanokafana ofisialy io takelaka vaovao io.

Hohararaotin'ny BV amin'io fotoana io ny hahampahafantarana amin'ny mponina ireo mpilatsaka an-tsitrapo miasa eny an-toerana ary koa ny hanamafisana ny fifandraisana amin'ireo mpanjono. Hohararaotin'ny BV ihany koa ny fivorian'ny olona maro amin'io fotoana io mba hampahalalàna azy rehetra fa hisy atrik'asa maromaro mikasika ny Fahalalàna nentim-paharazana momba manodidina ny jono heverina hotontosaina amin'ny dingana manaraka. Mino koa izahay fa hanintona olona maro be ny fifaninanana lomano hanasàna tanora manodidina ny 15 taona, izay hatao amin'io andro io.

Fandraisana an-tsoratra izay tranga rehetra miseho ao Andavadoaka

Fotoana sarotra tokoa ho an'ny mponina ao Andavadoaka ny volana efatra nifanesy farany teo iny. Ny hain-tany tamin'ny volana Novambra dia nampangadiady ilay alan-tsilo ary koa nahamasina ny loharano. Niakatra foana ny hafanàna teo anelanelan'ny volana Novambra sy Desambra sady niakatra be koa ny vidim-bary. Izany no nahatonga ireo tranga nampalahelo isan-karazany hita tao anatin'iny fe-potoana iny, tahaka ny halatr'omby, hanohanana sy fahantrana izay nanosika ny mpangalatr'omby avy tamin'ny fokon'i Masikoro avy an-tanety hangalatra ny omby tao amin'ireo tanàna Vezo teny amorontsiraka, dia Andavadoaka sy Ampasilava.

Ny fiakaran'ny vidim-bary nateraky ny tsy fandrindrana teo anivon'ny firenena manontolo dia nitondra olana ara-toekarena teo ani'von'ny fianakaviana tsirairay avy... Betsaka tamin'ireo mpianatra tao Andavadoaka no voatery nanapaka ny fianarany satria tsy naharaka ny saram-pianarana intsony ireo ray aman-dreniny. Ny halatr'omby izay olana niraisan'ireo mpiompy rehetra dia nandona mafy ireo mponina tao an-tanàna. Nalangalarin'ireo olon-dratsy daholo ny ombin'ny fianakaviana maro tao an-tanàna ary maro koa ny mponina natahotra mafy satria norobain'izy ireo koa ireo tanàna manodidina ny Nosy Hao. Nisy olona iray

aza tao an-tanàna namoy ny ainy kilometatra maromaro lavitra ny tanàna tamin'ny fisamborana ireo mpangalatra.

Nitondra hafaliana sy zava-baovao ny Krismasy sy taom-baovao. Nitondra fahatoniana tokoa ny voana Janoary raha nihoatra ireo volana farany tamin'iny taona lasa iny. Kanefa nisy nangalatra ny maoteran'ilay sambo kely tao amin'ny orin'asa Copefrito ka tsy afaka nanatona ny maro tamin'ireo mpanelanelana ny Copefrito.

Ilay rivodoza Ernest sy ireo oram-baratra mahery nifanesy koa dia nanakana ny jono sy ny fanondranana sakafo ary koa nanimba ampahany betsaka tamin'ny làlana tany amin'iny faritra iny. Kelikely ihany ny fahasimbana naterak'ireo rivomahery sy orana tao an-tanàna fa ny nampalahelo dia betsaka ireo mpanjono nanjavony tao Toliara satria maro ny sambo no nilentika.

Ny zavatra tsara aloha ho an'ny Blue Ventures tamin'ny volana janoary dia nisy tratra nanao jono tsy ara-dalàna tao amin'ny Valanjavaboary ka kitana be ny nisamborana sy nanafaizana azy. Soa ihany fa rehefa tapitra ireo oram-baratra tamin'ny volana Janoary dia toa vanim-potoana mahafinaritra no nasetrin'izany.

VAOVAO SAMIHAFA AVY AMIN'NY BV…

Nahazo tamin'Ilay loka SEED ny Blue Ventures sy ireo mpiray antoka aminy

Voafidy ho anisan'ireo fikambanana roa ambin'ny folo nifaninana farany tamin'ilay Loka SEED ny fiaraha-miasa Blue Ventures sy ny Institut Halieutique et des Sciences Marines (I.H.S.M) de Madagascar tsy ela akory izay. Fifaninana iraisam-pirenena nifidianana izay firaisana ombin'antoka misy fanantenana, fomba fiasa vaovao sy fiaraha-miasa mahomby indrindra mitodika amin'ny fampandrosoana maharitra izany fifaninanana izany.

seed awards
2004/5
finalist

Raha 260 ny fangatahana voaray tamin'izany fifaninanana enjana izany avy tamin'ny firenena 66 dia ilay « tetik'asa Valan-javaboary voaaro mahaleotena voalohany, tantanin'ny mponina manodidina » no nofidian'ireo mpitsara iraisam-pirenena satria voalazan'izy ireo fa « ohatra tena mahafapo hanehoana hoe hatraiza ny hahafahan'ny fampandrosoana ara-toekarena miara-dia amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ».

Andriamatoa Achim Steiner, Tale Jeneralin'ny IUCN – L'Union Mondiale de la Conservation – sy Andriamatoa Ian Johnson, Filoha Lefitry ny Banky Iraisam-pirenenna no nanonona ny valin'ny fifaninanana nandritra ilay fiaraha-miala hetaheta natrehan'ireo minisitra avy amin'ny governemanta maro eran'izao tontolo izao, tamin'ilay Fihaonan'ny siantifika Erantanin'ny IUCN tao Bangkok. Andriamatoa Steiner dia nanambara fa « ireo mpifaninana voatana farany dia nampiseho ny fanantenana misy eo amin'ny lafiny firaisana antoka sy ny tanjaka hananan'ny fiaraha-miasa. Samy hery lehibe ilaina amin'ny fampandrosoana maharitra ireo zavatra roa ireo ».

Ny tetik'asa SEED, firaisan'antoka misy eo amin'ny IUCN – l'Union Mondiale de la Conservation, ny Programme des Nations Unis pour l'Environnement (PNUE), ary ny Programme des Nations Unis pour le Développement (PNUD).

Tetik'asa hamporisihina, hanohanana sy hanamafisana ny fahaizana miara-miasa sy miray antoka eny anivon'ny fiaraha-monina ity tetik'asa ity mba hahatratrarana ilay

tanjona Fampandrosoana Millénium sy hanantaterahana ilay rafitr'asa nekena tany Johannesburg.

Isaorana manokana ny USAID sy ny Compagnie Lufthansa tamin'ny fanohanany ny dian'i Dokotera Edouard Mara (Institut Halieutique et des Sciences Marines) sy Alasdair Harris (Blue Ventures) izay nisolo tena ny firaisana antoka tany amin'iny Fihaonan'ny siantifika Erantany iny.

Farany ankavia fig. 17. Dr. Edouard Mara, siantifika lehibe avy ao amin'ny Institut Halieutique et des Sciences Marines (IHSM) miresaka amin'ny anaran'ny mpiray antoka amin'ny IHSM/BV nandritra ny Kaongresy Eratany momba ny Fiarovana ny Tontolo Iainana.

Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ilay Loka SEED, dia antsoy i Darian Stibbe avy amin'ny Secrétariat Seed ao ami'ny info@Seedinit.org, na +44 1865 202 669 (htto://www.Seedinit.org).

Nahazo ny Loka Fivahinianana mendrika ny Blue Ventures

Voafidin'ny olona maro tamin'ilay fifaninanana Fivahinianana Mendrika tamin'ny taona 2004 ny Blue Ventures. Voazara ho sokajy folo ny mpifaninana ary nalefa tamin'ny alàlan'ny tranonkala (internet) natokana ho an'ny mpikarakara fivahinianana (responsibletravel.com), nokarakaraina niaraka tamin'ny The Times, ireo gazety World Travel Market sy Geographical Magazine – gazetin'ny The Royal Geographical Society. Nihoatra ny 700 no nifidy – anisan'izany ny avy amin'i Archeveka Desmond Tutu – tamin'ireo mpivahiny izay nangatahana hanamarika manoka izay mpikarakara fivahinianana sy fialan-tsasatra nanolotra fivahinianana nahafinaritra sy matotra indrindra. Betsaka tamin'ireo mpilatsaka an-tsitrapo efa nandalo tao amin'ny Blue Ventures no nanolotra ny fikambanana.

Izany fifaninana izany dia manome lanjany ireo orin'asa sy fikambanana miasa ao anatin'ny sehatry ny fivahinianana ka tena mampiseho fahavononana hanolotra fizahan-tany « mandray andraikitra » izany hoe, izay tetik'asa rehetra afaka mitondra anjara-biriky mahomby ho an'ny fiarovana ny zavaboary sy ho an'ny toekaren'ireo toerana tsidihina, kanefa miezaka mampihena hatrany ny voka-dratsy ateraky ny fizahan-tany.

Voafidy ho mendrika indrindra tamin'ireo izay miasa ho an'ny « tontolo anaty ranomasina » ny Blue Ventures.

Fanomezana vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra Malagasy

Voninahitra ho an'ny Blue Ventures tokoa nanomboka tamin'ny volana Desambra iny ny nanokafany vatsim-pianarana manokana ho an'ny Malagasy liana amin'ny fiarovana ny any ambany ranomasina. Ity vatsim-pianarana, izay voalohany indrindra teto amin'ny Ranomasimbe Indiana, dia miantoka ny fianarana sy ny fivahinianan'ny olom-pirenena malagasy iray isaky ny eninm-bolana any andavadoaka. Antenainay mba handray anjara amin'ity vatsim-pianarana ity ireo mpianatra sy tanora mandàla ny fiarovana ny tontolo iainana rehetra avy amin'ny lafy valon'ny Nosy, mba hampitombo ny fahaizana milatsaka anaty rano sy ny fikarohana an-dranomasina, ary koa mba hanamafy ny fanentanana ny Malagasy mikasika ilay tetik'asa ao Andavadoaka.